Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Février 2014

I. Teny mahavelona

MPIANATRA MAHATOKY AMIN'NY TENIN'I JESOA

Evanjely tamin'i Md Lk 8, 1-15

Taorian'izany, dia lasa nitety ny tanàna sy ny vohitra izy nampianatra sy nitory ny Evanjelin'ny fanjakan'Andriamanitra. Nanaraka azy ny roa ambin'ny folo lahy sy ny vehivavy sasany nositraniny tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina, dia Maria atao hoe Madelena izay nivoahana demony fito, Joana vadin'i Kozà mpitandrina ny fananan'i Heroda, ary Sozàna mbamin'ny maro hafa koa izay nanampy azy tamin'ny fananany. Ary nisy vahoaka betsaka tafavory tao avy tamin'ny tanàna maro hanatona azy, dia nanao fanoharana izy hoe: *Nivoaka ny mpamafy hamafy ny voany*; ary nony namafy izy, ny sasany latsaka tany amoron-dàlana ka sady voahitsakitsaka no notsindrohin'ny voro-manidina; ny sasany latsaka tamin'ny vato ka nalaky nitsimoka, nefa nalazo satria tsy nisy mando; ny sasany latsaka tamin'ny tsilo ka niara-naniry tamin'ny tsilo, dia voagejany; ary ny sasany latsaka tamin'ny tany tsara ka naniry, dia namoa injato heny. Rahefa nilaza izany izy dia niantso hoe: Aoka hihaino izay manan-tsofina hihainoana.

Nanontanian'ny mpianany azy izay hevitr'izany fanoharana izany, ka izao no navaliny azy: *Hianareo no nomena ny hahalala ny zava-miafina amin'ny fanjakan'Andriamanitra*, fa ny hafa kosa dia fanoharana no atao aminy, mba hijery izy fa tsy hahita, ary handre fa tsy hahafantatra. Ka izao àry no hevitr'izany fanoharana izany: Ny voa dia ny tenin'Andriamanitra. Ireo teny an-dàlambe no izay nandre, fa avy ny demony ka manesotra ny teny ao am-pony, sao mino izy ka ho voavonjy. Ireo latsaka tamin'ny vato no izay nandre sady nandray ny teny an-kafaliana, nefa tsy latsa-paka izy ka tsy maharitra amin'ny finoana, fa miala nony mby amin'ny andron'ny fakam-panahy. Ireo latsaka tamin'ny tsilo no izay nandre, fa nony mandeha izy dia poritin'ny fiahiana sy ny harena ary ny fahafinaretan'izao fiainana izao, ka tsy mahavanom-boa. Fa ireo latsaka amin'ny tany tsara kosa no izay mihaino ny teny amin'ny fo marina sy tsara, ka mitandrina azy sy mamoa amin'ny faharetana.

Fandinihana

Manampy antsika hahafantatra ny mahakasika an'I Jesoa ny fanoharana momba ny mpamafy. Maro ireo nafana fo tamim-boalohany ary niala tsikelikely. Vitsy dia vitsy ireo naharitra ary mahavelom-panotaniana hoe: ahoana no ahatongavan'ny fanjakan'ny lanitra raha tsy miraika na tsy taitra amin'izany ny olona. Nitazonin'ny evanjelista ny fanazavan'I Jesoa momba ny voa izay latsaka tao anaty tany. Nefa mbola betsaka ny

fanampim-panazavana izay mbola tokony hohazavaina misimisy kokoa. Voalohany, talanjona amin'ny fampitahana ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny voa afafy ireo mpihaino azy. Efa hatramin'ny fiatombohan'ny tantara dia vahoaka mpamafy ary na ireo olona tamin'ny andron'I Jesoa dia efa dodona ery hioty ny vokatra.
Matetika voalazan'I Jesoa ny momban'ny fanjakan'ny lanitra: "tsy hiditra amin'ny fanjakana ianareo". Misy trangan-javatra hafa azo hiadiana hevitra amin'ny vavaka rainay any an-danitra. Ahoana ary no tokony ho lazaina: "mba ho tonga ny fanjakanao" sa "ho tonga hanjaka Ianao".

Maro ankehitriny, ireo mandinika ny teny hoe "Fanjakana" miainga amin'ny fitsaran'ireo teolojianina: Andriamanitra miasa amin'izao tontolo izao: nefa tsy misy ao anatintsika na amin'izao tontolo izao izany hoe fisiana "sakremantaly" na hoe fisian'Andriamanitra.

Raha toa ka efa amintsika ary ny fanjakan'ny lanitra dia tsy midika hoe zavatra azo tsapain-tanana sahala amin'ny voa ka ndeha ho alaina.
Ny fanjakan'Andriamantra dia eo amin'izay anjakan'Andriamanitra, eto anefa isika dia ao anatin'ny zava-miafin'Andriamanitra sy tsy takatry ny saina, satria izay rehetra fanjakan'Andriamanitra amin'ity tany ity dia voa afafy hatrany.

Tsy mahafam-po antsika hatrany ny teny hoe: "Fanjakana" satria manambara fanjakazakana. Eto anefa Andriamanitra manjaka amin'izay rehetra ahafahany mijoro ho Ray, ary ireo zanany afaka miditra amin'ny vinavina noforoniny mety ho azy ireo.
Hatramin'io fotoana io dia miha-matotra amin'ny fomba maro samihafa ny olona; sy ny feon'ny fieritreretany miha-mivelatra kokoa, fantatry ny olona ny fahamboniany sy ny anjara hiombonany amin'ny hafa na dia sarotra tanterahina ny tanjona amin'izay fotoana izay.

Fotoana fandinihanao mangina

✫ Hoharin'i Jesoa amin'ny inona ny fanjakan'Andriamanitra, noteniny?

✫ Ahoana no ahatsapan'ny olona ny "tanin'ny fo", vonona na tsia, mandray ny tenin'Andriamanitra

✫ Ho anao manokana, tany manao ahona ny fonao?

II. Vatsy

TANORA MIASA AO AN-TANIM-BOALOBOKA

Indro taterina aminareo etoana ny sombintsombin'ny hafatry i Papa Fransoa[1]

> *Ankehitriny...isan'andro, fa indrindra amin'izao fotoana izao indrindra, no mamafy voa i Jesoa. Raha ekentsika ny Tenin'Andriamanitra, zary lasa sahan'ny finoana isika! Miangavy anareo re aho, mba avelao hiditra ao amin'ny fiainanareo re i Kristy sy Teniny e, avelao mba hitsiry izany, avelao mba hitombo ihany koa. Fa Andriamanitra no manao ny rehetra, fa ho anareo kosa avelao Izy hiasa, avelao Izy hiasa amin'izany fitomboana izany!*

Raha niresaka indrindra momba an'ilay fanoharana momba an'ilay mpamafy voalazan'ny Evanjely ny Papa:

> *Angamba toy ny lalam-be isika tsindraindray: henointsika Andriamanitra, kanefa tsy manova ny fiainantsika velively Izy, satria ilaozantsika mihaino ireo fiantsoana mandalo sy tsy mari-pototra. Izao no angatahiko aminareo, fa ny tsirairay kosa no mamaly an'izany fanontaninana izany ao am-pony: «tanora ve aho, marenina ve?».*

Ny sasany tamin'ilay toerana be vato:

> *Toy ny toerana be vato isika: raisintsika amin-kafaliana i Jesoa, fa tsy maharitra isika manoloana ireo fahasahiranana sy tsy manana herim-po ny hanoha-riana. Tokony hamaly an'ity fanontaniana ity ao am-potsika isika izao: «Manana fahasahiana ve aho sa saro-tahotra?».*

Ny sasany hatrany amin'ny tsilo:

> *Toy ny toerana be tsilo isika: ireo zavatra, ireo fironana ratsy izay manempotra ny Tenin'Andriamanitra ao amintsika (jereor Mt 13,18-22). Toa mahazatra ny foko ny mizara roa: miezaka ny mifandray amin'Andrimanitra sy ny manao ny tsara eo anatrehan'ny demony? Te-hahazo voa tsara avy amin'i Jesoa no sady manondraka ireo tsilo sy ireo ahi-dratsy ao am-poko?*

Fa ny sasany kosa latsaka tamin'ny tany lonaka tsara ka namokatra izaitsizy. Hoy ny Papa manoloana an'izany:

[1] Nandritra ny alim-bavaka ho famaranana ny Jmj tany Rio de Janeiro lasa teo. Jereo ny aterneto

Fantatro tsara fa te ho tany lonaka ianareo, te ho kristianina marina, fa tsy ho kristianina sadasada velively; tsy te ho kristianina karakaina, mamofona ratsy, tsy kristianina izany, tsy manao n'inona n'inona; tsy hoe kristianina ety ivelany fotsiny, izany kristianina izany dia mijanona fotsiny amin'ny fanatsarana ny endrika ivelany fotsiny ihany, fa tsy kristinaina marina. Fantatro fa tsy hiaina ao anatina fitak'ilay fahafahana tsy maharitra ianareo, fahafahana izay mitondra hanara-damaody sy ny fahafinaretan'izao tontolo izao. Fantatro fa mikendry ny avo ianareo, amin'ilay safidy izay manome heviny feno.

Manoloana ny fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra ny olombelona dia antsoina hamaly miaraka amim-pandraisana anjara tanteraka. Tamin'izay indrindra no nanaovan'i Papa Fransoa fanoharana momba ny fanazaran'ireo ekipa mpilalao baolina:

Mangataka antsika mba hahara-dia azy mandritra ny androm-piainantsika i Jesoa, antsoiny isika mba "hilalao ao anatin'ny ekipany"... fa inona anefa no ataon'ny mpilalao iray raha nantsoina hanatevin-daharana ny ekipa izy? Tsy maintsy mano ny fanazaran-tena izy,ary dia tena manao an'izany matetika kokoa! Toy izany ny fiainantsika mpianatry Jesoa ... manolotra antsika fainana mamokatra i Jesoa, fiainan-kasambarana ary manolotra antsika ihany koa ho avy tsy manam-pahataperana miarak aminy, any amin'ny fiainana mandrakizay.

Amin'alalan'ny firesahana aminy: ny vavaka ... no anazarantsika tena mba ho "tomady", ka ho afaka hiatrika tsy amin-tahotra ireo zava-manahirana eo amin'ny fiainana, mba hijoro vavolombelon'ny finoana ... toy izao no atao hoe manao fanazaran-tena: mangataha amin'i Jesoa, miresaha aminy. Ary raha nanao hadisoana teo amin'ny fiainana ianao, raha solafaka ianao, raha nanao ratsy ianao, aza matahotra. Ry Jesoa o, jereo ty nataoko! Inon àry izao no hataoko? Na izany aza miresaha foana amin'i Jesoa, na tsara ny nataona eny fa na ratsy. Aza matahotra azy velively! Tsarovy fa, ianareo no tena "atletan'i Kristy" ry tanora malala!

Fandalinana

1. Omeo loha-teny hafa io hafatra io.
2. Fintino daholo ireo sakana tsikaritr'i papa Fransoà eo amin'ny tanora?
3. Inona no vahaolana arosony amin'izany?
4. Milazà singa hafa hitanao afaka anampiana an'ireo efa voalaza.

III. *Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco*

Ny fanabeazana Salezianina sy ny fanabeazana netim-paharazana

…Ataontsika fampitahana amin'ny tableau ary ny fanabeazana malagasy nentin-drazana sy ny fanabeazan'i don Bosco ka isika no handinika ny hitovizany sy ny maha samihafa na ny zavatra mety ilain'ny fanabeazana salezianina ao amin'ny fanabeazana nentin-drazana. Ahoana ary no azo hamaritana an'ireo andry telon'ny fanabeazan'i don Bosco teo amin'ny Malagasy?

Ho raisintsika tsirairay ary ireo andry telo ireo ary ny hodinihintsika manaraka dia ny Fisainana :

NY FISAINANA (Raison)	
NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY EO AMIN'NY FIAINANA ANDAVANANDRO	FANABEAZAN' I DON BOSCO
Efa voalazantsika teo aloha fa ny hanaitra ny saina handinika no antony nampiasan'ny Malagasy an'ireo angano isan-karazany, ka tsy ny fifamatorana eo amin'ny mpianakavy ihany no azo avy amin'ny sekoly amorom-patana fa fanitarana saina hahay manakatra izay tiana hambara ihany koa. Mila fahazarana ny fahaizana mihaino angano ary mila fahaizana manokana ihany koa ny fifidianana angano tantaraina mba ho azon'ny mpihaino ny hafatra tiana hampitaina. ➢ Ny OHABOLANA sy FOMBA FITENY samihafa. Fitaovana azo ampiasaina teo amin'ny sekolin'ny mpianakavy ihany koa ireo. Mifono hevitra lalina ny Ohabolana sy Fomba Fiteny samihafa nampiasain'ny Malagasy ary tena mitaky saina mahay mandinika tokoa ny fampiasana azy, na ho an'ny mpiteny izany fa indrindra ho an'ny mpihaino azy. Tahaka ny angano ihany koa dia manana	*Nasongadin'I Don Bosco ny fahaizana mampiasa ny saina izay anisany maha olona ny olona. Ny fisainana dia tsy natao hampahafantatra amin'ny tanora ny fahalalana ara-tsaina fotsiny fa natao indrindra hampifanaraka ny finoana izay iainana sy izay ambaran'ny eritreritra, ka mahatonga ny fifandraisana ara-pitiavana mahay mandanjalanja arahina tsikera.* **Ny Fisainana dia:** • ny fanazavan'ny zavatra atao: ny ankizy tsy maintsy mahalala ny zavatra ataony ary atosika amin'ny fampahatsiahivana izany matetika

ny hevitra tiany ambara izy ireny ary nahitan'ny Malagasy ohabolana sy fomba fiteny ny lafim-piainana rehetra teo amin'ny fiaraha-monina:

- Fananarana, fanakianana, fanitsiana,
- Famporisihana, fanomezana hery, fampiononana,
- Fisaorana, fankasitrahana,
- Fangatahana
- Famelan-keloka
- Fitoriana fitiavana,
- Fifonana, fialan-tsiny, sns

Matetika dia ao anatin'ireo angano tantarainy no hampidirany an'ireo ohabolana sy fomba fiteny ireo ka vao mainka manome endrika an'ilay tantara izany. Fa azo atao ihany koa ny maneho izany ho toy ny kilalao sy fifaninana kely hifanaovan'ny mpianakavy mihitsy aza.

- Ny ANKAMATATRA sy ny ANKIFIDY. Kilalao fanao eo amorom-patana ihany koa ireto ary manitatra ny saina hahay mandinika ny manodidina. Tena nahaliana ny ankizy izy io satria dia ireo zavatra hitany nandritra ny andro no averina hodinihany ao anatin'ireo fanontaniana mifono sarin-teny isan-karazany.

Tsy fitadiavana valiny amin'izay fanontaniana mipetraka ihany nefa no tanjona amin'ity kilalao ity fa ao anatin'ireo fanontaniana mipetraka matetika dia misy fampianarana tokony harahana, ary ny valiny matetika dia milaza ny voka-tsoa ho an'izay manaraka izany na ihany koa ny loza miandry an'izay minia tsy manaraka. Ao ihany koa fampianarana tsotra izao mikasika ny fifidianana izay tokony ho toetra harahana eo amin'ny fiaraha-monina: fanavahana ny tsara sy ny ratsy.

- lazaina ny tanjona : eo amin'ny mpanabe aloha avy eo amin'ny beazina.
- mamaritra ny fitsipika dieny amboalohany izay misy ny tanjom-panabeazany. Ho an'i don Bosco tsy ampy ny fampitandremana ,.. fa mila ny antony mba hampiaiky fa marina ny antony ka hamporisihina ny tanora hanatanteraka tsara ny zavatra atao.
- Ny fisainana dia "dialogue" eo amin'ny mpanabe sy beazina.

Fandinihana *: (ny fisainana)*

1. *Lafiny inona eo amin'ny fomba fanabeazana Malagasy no ahitana taratra ny fisainana ao amin'ny "système préventif"?*

2. *Azo alalinina ve io hevitra itanao io ka mety hampivoatra ny fanabeazana salezianina? Ahoana ny fomba fampiarana azy ao fisainana (SP) ankehitriny?*

3. *Inona ny maha zava-dehibe ny fisainana ao amin'ny Système preventif"?*